fpma Ny Gazety Paris

EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE- PAROISSE DE PARIS

Editorial

## KRISTY IVON'NY FIAINANA

Sahondra RAMANAMBELO

Miditra amin'ny telo volana farany amin'ny taom-pianarana isika. Azo lazaina fa fotoana mahabetsaka ny asa tokoa izany. Samy mikatroka mafy amin'ny fanomanana sy fanalana fanadinana ny maro amin'ireo tanorantsika. Kristy ilay ivon'ny fiainantsika tokoa no mampahery hoe « Hanome saina anao…. ka hanolo-tsaina anao Aho » Salamo 32.8

Tsy latsaka noho izany koa ny asantsika eto amin'ny Fiangonana.
Isan'ireo matoan'asa niarahantsika misalahy, hamirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra eto amin'ny Fiangonana, ny nanokanantsika alahady iray nanaterana ny VOKATRA 2010 dingana voalohany. Raha ny tarehimarika azo no jerena dia ambony noho ny tanjona noheverina no tratra, ka mampipololotra fisaorana sy fiderana an'Andriamanitra.

Mbola manamafy io endrika "Manome ho an'Andriamanitra" io ny fikasan'ireo zanatsika Katekomena maherin' ny 40 mianadahy hanolotena ho mpandray ny Fanasan'ny Tompo amin'ny Pentekosta ho avy izao. Izy Tompo anie no hiaro azy ireo ho tratra izany fotoan-dehibe izany.

Raha momba ny fitadiavana ny trano indray no asiana teny fohy dia tiana ny misintona ny fo sy ny faharetantsika, hiray saina haharitra hivavaka ho an' ny fifampiraharahana ifanaovan'ny tompon' andraikitry ny fiangonana amin'ireo isan'ambaratonga (fanjakana, vondrona samihafa..) amin'izao fotoana izao.

Eto am-pamaranana dia tsapa fa tsy latsaka noho ireo rehetra ireo fa zava-dehibe iankinan'ny fampandrosoana ny Fiangonana tokoa ny fanavaozana ireo mpiasa amin'ny volana Novambra izao. Ny Diakonina indrindra no tiako soritana amin'izany. Ho fanomanana izany fotoana izany, araka izay efa nolazaina tamintsika teo amin'ny Ankatoky ny Fandraisana farany teo dia hisy ny fanisana ny olom-piangonana (recensement) eto amin'ny FPMA Paris. Fanao isan-droa taona rahateo io ary dia hozaraina ny taratasy momba izany hofenointsika.

Ho tena ivon'ny fiainantsika tokoa anie Kristy.

# Jerosalema vaovao

**Apo 21, 1-5**

*1 Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho; fa efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany, ary ny ranomasina dia tsy misy intsony.*
*2 Ary nahita aho fa, indro, ny tanàna masina, dia Jerosalema vaovao, nidina avy any an-danitra tamin'Andriamanitra, voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihaona amin'ny vadiny.*
*3 Ary nahare feo mahery avy teo amin'ny seza fiandrianana aho nanao hoe: Indro, ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny.*
*4 Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.*
*5 Ary hoy Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana: Indro, havaoziko ny zavatra rehetra. Ary hoy koa Izy: Soraty fa mahatoky sy marina ireo teny ireo.*

Efa hifarana izao ny fahitan'i Jaona. Ilay Andriamanitra Mpahary hita tao ao amin'ny bokin'ny Genesisy no aseho eto. Andriamanitra mahary indray sy manavao ny zavatra rehetra. "**Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho…".**

Tena fanavaozana tanteraka mihitsy no hitan'i Jaona eto izao ary fampiorenana sy ho fanatanjahana ny fanantenana kristiana. Tsy araka izay hitan'ny masontsika no tena izy. Hay tsy an'ireo mpitondra sy mpanjakan'izao tontolo izao ny fahefana fa an'Andriamanitra irery ihany izay manjaka amin'izao tontolo izao

pejy 3

**Teny fainana…**

*« Ary satria zanaka hianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ato am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany, miantso hoe: Aba, Ray ô. »* Gal 4. 6

# ILS ÉTAIENT SEIZE SOLDATS

Deux missionnaires en Malaisie durent un jour se rendre à la ville la plus proche de la station, ce qui signifiait parcourir une fort grande distance à travers une campagne absolument sauvage. Pour pouvoir rentrer le même soir chez eux, ils se mirent en route de très grand matin dans un chariot tiré par des boeufs. Ils arrivèrent sains et saufs à leur lieu de destination, purent encaisser à la banque l'argent qu'ils étaient venus chercher, puis ils prirent le chemin de retour.

Mais la nuit tombant, ils décidèrent de bivouaquer; se remettant à la garde de Dieu, ils ne tardèrent pas à s'endormir profondément. A leur réveil, ils rendirent grâces à Dieu de les avoir si merveilleusement protégés, en constatant qu'ils n'avaient été dérangés ni par les bêtes sauvages, ni même par les bandits de grand chemin.

Quelques semaines plus tard, un homme vint se faire soigner à l'hôpital de la station; il regarda fixement le docteur qui se penchait sur lui et finit par lui dire:
- Je vous ai déjà vu.
-Non, je ne crois pas, répondit le missionnaire.
-Oh! oui, certainement, répliqua l'homme. Vous campiez sur les pentes de telle et telle colline, il ya quelques semaines.
-Oui, c'est exact, mais comment le savez-vous? Nous n'avons vu personne.
-Je vous ai suivis avec quelques camarades depuis la ville; nous vous avions vu aller à la banque, et nous savions que vous aviez de l'argent sur vous. Nous avons donc attendu la nuit pour vous attaquer et vous voler, mais lorsque nous avons découvert votre lieu de campement, nous n'avons plus osé à cause des soldats.
-Des soldats? le missionnaire se mit à rire. Il n'y avait pas de soldats avec nous.
Mais le bandit demeura inflexible dans son témoignage.
-Oui, oui, nous les avons même comptés; il yen avait seize, et ils portaient tous des épées.
Le docteur ne le contredit plus, mais estima que l'homme avait eu une hallucination.
Par la suite, retourné à Londres, il raconta l'incident au cours d'une réunion, après laquelle un homme s'approcha de lui et lui dit:
-Quel jour avez-vous campé?

Le missionnaire, en consultant son agenda, put donner la date exacte, et son interlocuteur, en ayant fait de même de son côté, ajouta:

-Ce soir-là nous avions une réunion de prière; quelqu'un a prié très spécialement pour vous; je tiens encore à préciser que nous étions seize, groupés pour la prière.

## CATECHUMENES - PROMOTION 2009 - 2010

C'est toujours avec une joie toute particulière que nous fêtons la Pentecôte, parce que en plus de ce que elle représente pour les chrétiens en général, c'est aussi le jour que la plupart des paroisses FPMA ont choisi pour la confirmation ( ou la consécration ) de leurs catéchuménes . Et c'est le cas de la FPMA Paris.

Cette année, nous allons consacré 25 jeunes filles ( ou femmes) et 17 jeunes hommes.

La promotion 2009-2010 a cette particularité d'être très jeune et majoritairement issue du Sekoly alahady . D'où aussi une certaine aisance à communiquer et surtout le sentiment de la présence d'une solide base bibique dans les débats ou les ateliers. Et on ne peut que les encourager de continuer sur la même voie : avoir une foi bien ancrée dans la Parole, un engagement sans faille dans la vie de l'église, en l'occurrence la FPMA Paris.

Nous prions donc pour ces 42 jeunes pour que le 23 mai ne soit pas une fin en soi mais plutôt la suite logique d'une vie déjà éclairée par Jésus leur Modèle et le début d'un nouveau cheminement avec LUI, Celui qui les a choisis et les a consacrés.

Nous leur disons donc bon courage et tenez bon , que Dieu les garde.

RASAMIMANANA Nivotiana



## Le don de critiquer

Une dame est allée voir son pasteur pour lui dire la chose suivante:

- Pasteur, je crois avoir un don, le don de critiquer.
Le pasteur lui répondit :
- Quel texte de la Bible nous parle de la manière de faire fructifier nos dons?

La dame dit fièrement,
- La parabole des talents dans l'évangile de Matthieu au chapitre 25.
Et, reprit le Pasteur,
- Qu'a fait celui qui n'avait reçu qu'un seul talent?
- Il est allé cacher son talent dans la terre, répondit la dame.
Le pasteur conclut,
- Et toi, fais de même.

# Jerosalema vaovao

ka manafoana indray mipi-maso monja ny fahefana rehetra manohitra Azy.

Manamafy izany ny teny hoe **“ary ny ranomasina dia tsy hisy intsony”.**

Ny ranomasina mantsy no atahorana indrindra amin’ireo zavatra noharian’Andriamanitra. Endrik’ireo hery manohitra an’Andriamanitra ety an-tany ny ranomasina. Eo amin’ny fiainana vaovao izay hatsangan’Andriamanitra dia tsy hisy intsony ny fanoherana an’Andriamanitra.

## Jerosalema vaovao

Manao ahoana ary ny endriky ny tanàna amin’izany tany vaovao sy lanitra vaovao izany? Taloha mantsy, teo amin’ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany, ny tanàna dia toy ireny misy ny tilikambon’ny Babela ireny. Tanàna feno ny avonavon’ny olombelona. Toa an’i Babilona, renivohitry ny fanompoan-tsampy sy ny fanoherana an’Andriamanitra.

Tsy mba toy izany ny tanàna ao amin’ilay tany vaovao sy lanitra vaovao. Tanàna masina dia Jerosalemea vaovao.. Tsy Jerosalema taloha nohavaozina io fa Jerosalema tena vaovao sy masina. Voaomana ho an’i Jesosy. Ary hitoetra eo aminy Andriamanitra.

## Manao ahoana ny fiainana amin’izany?

-Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony

-Ary tsy hisy fahafatesana intsony

-Sady tsy hisy alahelo

-Na fitarainana, na fanaintainana;

-Fa efa lasa ny zavatra taloha. Hitantsika miharihary eto ny ataon’i Jesosy amin’ity fanavaozana izao tontolo izao ity. Hoy mantsy ny 2Kor 5, 17 :

**« Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo ».**

Tahaka ny nanavaozana ny olona tsirairay ao amin’i Kristy koa izany no hanavaozana ny zavatra rehetra ao Aminy. Ao Aminy no hahafoana ny fahafatesana sy izay mandalo sy mety lo.

## Iza ilay Jerosalema vaovao?

Ny zavatra mahafaly dia ity lazain’i Jaona eto ity:

**“Ary nahita aho fa, indro, ny tanàna masina, dia Jerosalema vaovao, nidina avy any an-danitra tamin'Andriamanitra”**

Tian’Andriamanitra ho hita ety an-tany koa ilay Jerosalema vaovao. Tiany ho efa fiainan’ny olona ety an-tany sahady izany tsy misy ranomason’alahelo izany intsony, Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, **“sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.”**

## Iza no afaka hanao izany? na aiza no mety ahitana izany?”

Ny Fiangonana no antsoin’Andriamanitra ho amin’izany satria amin’ny alalany no anavaozan’Andriamanitra an’izao tontolo izao ao amin’I Jesosy.

Moa ve tena mitondra ireo fanasitranana tokoa ny fiangonantsika?

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

RADIO FPMA PARIS
100.7 Mhz
2èmes Dimanches
14 : 15 : 00

**FANDRAISAN’NY MPITANDRINA**
**Atalata: 9 ora - 12 ora**
**Alakamisy: 9 ora - 12 ora**
**Ny andro hafa: RDV**
**47, Rue de Clichy 75009 Paris**

## Une perle dans votre Bible

*«Il y a de l'espérance pour un arbre s'il est abattu, car il reprendra et poussera de tendres branches.»* Job 14:7

Etes-vous abattu? Avez-vous été abattu? Regardez cet arbre qui vient d'être coupé; il est dit de lui dans un autre passage de la Bible: «Il est là, il ne se relèvera pas.» Mais ici, rien de tel: cette parole est une parole d'espérance; cependant, elle l'est seulement pour celui qui reconnaît la cause de son état. Oui, n'ayons pas peur de reconnaître notre faute, ne blâmons pas autrui, faisons face aux dégâts, voyons les choses comme Dieu les voit. Laissons-le nous convaincre! Surtout, ne passons pas à la légère sur les choses, ne nous reprenons pas pour sauver la face devant les gens, pour tranquilliser notre conscience; tout serait à recommencer...

Lisons le contexte de ce verset: *«Comment d'un être souillé sortira-t-il un homme pur?»*

Même au temps de la vieillesse, alors que tout semble mourir, il y a de l'espoir. Le Seigneur demande simplement que nous reconnaissions nos torts, que nous soyons dans la réalité. Pour quiconque s'humilie, se repent, répare, «il y a de l'espérance».

De même que de nouvelles branches peuvent pousser sur un arbre abattu, de même quelque chose de nouveau peut naître en l'homme puisqu'il possède en lui une part divine, indestructible. Les racines cachées de cet arbre que nous avons tant malmené sentiront l'eau, les tendres branches pousseront et deviendront une plante nouvelle. Il ne s'agira pas d'une greffe, mais d'une nouvelle création.

Confessons notre part de responsabilité, cessons de nous justifier, acceptons la mort à nous-même, car c'est nous-même, avec nos vaines paroles, qui sommes la cause de notre difficulté. Et quand cette mort nous aura enfin réellement atteint, nous ressusciterons en Jésus-Christ et marcherons «en nouveauté de vie», à la gloire de notre Père céleste.

H.E. Alexander

## BATISA

*"Izay mino sy atao batisa no hovonjena" Mar 16 : 16a*

Ireo zaza natao batisa teto amin'ny FPMA Paris tamin'ny volana Aprily lasa teo

Fanomezana Manoah
zanak'i Prisca sy
Benja RATSIRAHONANA



Melina CHRETIEN
zanak'i Marie sy
Jean-Christian CHRETIEN

Anael Niaina RAMANAMBELO
zanak'i Volana sy Toavina
Ny Aina RAMANAMBELO

Lana CHRETIEN
zanak'i Marie sy
Jean-Christian CHRETIEN

*"Fa na iza na iza ianareo no natao batisa ho an'i Kristy, dia nitafy an'i Kristy" Gal 3 : 27*

## FANAMBADIANA

Noho ny fahasoavan' Andriamanitra, dia vita soamantsara tamin'ny Asabotsy 24 aprily lasa teo ny fitsofan-drano ny fanamabadianan'iTovo sy Bakoly. Maro ireo havana aman-tsakaiza tonga nanotrina azy ireo tamin'izany. Anisan'ireny Luc sy Mahery , mpanakanto malagasy avy any an-tanindrazana.

Koa amin'ny anaran'ny Tompo no iarahaban'ny Fiangonana FPMA Paris azy ireo. Ary dia hanjaka ao amin'ny tokan-tranon'izy ireo tokoa ny fitiavana araka ny teny izay nofidian'izy ireo manao hoe: "Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, fa ny fitiavana no lehibe indrindra amin'ireo" I Kor 13: 13

## PENTEKOSTA 2010

Ny alahady 23 mai, alahady Pentekosta dia ho any amin'ny Eglise Saint Denys de la Chapelle, Paris 18ème ny fotoam-pivavahana, manomboka amin'ny 2 ora tolakandro

## SAMPANA FIFOHAZANA

***"Aza matahotra, ry tany fambolena, Miravoravoa sy mifalia; Fa manao zava-dehibe Jehovah"*** Joela 2: 21.

Izany no teny fanevan' ny Isan-keritaona faha 21 ny Fifohazam-panahy eto amin'ny FPMA izay ho tanterahina any Besançon ny 6 - 14 jolay ho avy izao.

Ho enti-manana izany fotoan-dehibe izany dia hikarakara sakafom-pirahalahiana ny Sampana Fifohazana eto amin'ny FPMA Paris ny asabotsy 05 jona izao.

Marihina fa efa misokatra ny fisoratan'anarana amin'izany Isan-keritaona izany.